TAFO MIHAAVO

Torolalana atolotra ny fiarahamonimpirenena hamatsiana ny hetsika manoloana ny fiovan'ny toetrandro eto Madagasikara

MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

Projet co-financé par l'Union européenne

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Lisitry ny fanafohizan-teny

AFD	Ivontoerana Frantsay ho an'ny Fandrosoana
ASAP	Programa Fiatrehana momba Fambolena Ambanivohitra
BAD	Banky Afrikanina ho an'ny Fandrosoana
BM	Banky Iraisampirenena
BNCCC	Birao Nasionaly Mandrindra ny Fiovan'ny Toetrandro
CAD	Dôlara Kanadianina
CCNUCC	Fifanarahana Lasitra an'ny Firenena Mikambana momba ny Fiovan'ny toetrandro
CI	Conservation International
CPGU	Cellule de Prévention et Gestion des Urgences /
EIB	Banky Eropeanina ho an'ny Fampiasa vola
EUR	Vola fampiasa any Eropa
FA	Tahirimbola momba ny Fiatrehana
FCCA	Tahirimbola ho an'ny Fiovan'ny Toetrandro any Afrika
FEM/GEF	Tahirimbola Iraisampirenena ho an'ny Tontolo Iainana
FIDA	Tahirimbola Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena
FPMA	Tahirimbola ho an'ny Firenena faran'izay Mahantra Indrindra
FSCC	Tahirimbola Manokana momba ny Fiovan'ny Toetrandro
FVC	Tahirimbola Maitso ho an'ny Toetrandro
GES	Etona Mangeja Hafanana
GIZ	Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit
ICZM	Integrated Coastal Zone Management
IIED	Ivontoerana Iraisampirenena ho an'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana
NOK	Vola fampiasa any Norvezy
OFID	Tahirimbolan'ny OPEC ho an'ny Fandrosoana eo amin'ny sehatra Iraisampirenena
ONG	Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana
OSC	Mpikambana ao amin'ny Fiarahamonimpirenena
PANA	Programa Nasionaly momba ny Fiatrehana ny Fiovan'ny Toetrandro
PEID	Nosy-Firenena Madinika Andalam-pandrosoana
PMA	Firenena faran'izay Mahantra Indrindra
PNA	Programa Nasionaly momba ny Fiatrehana (ny Fiovan'ny Toetrandro)
PNUD	Programan'ny Firenena Mikambana momba ny Fandrosoana
PPI	Programan'ny Tetikasa Madinika
PPRC	Programa Filamatra ho amin'ny Fahafaha-miatrika ho an'ny Fiovan'ny toetrandro
REDD+	Fanenana ny Fanelezana avy amin'ny Tetiala sy ny Fahasimban'ny ala
SGP	Programa momba ny Famatsiam-bola Madinika
UNEP	Programan'ny Firenena Mikambana momba ny Tontolo Iainana
USD	Dôlaran'ny Etazonia
WWF	World Wide Fund for Nature

1) Teny fampidirana

Ity torolalana ity dia mamintina ireo karazana tahirimbola hamatsiana ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro afaka ampiasain'ny firaisamonimpirenena eto Madagasikara. Tato ho ato dia nisy antso avon'ny manam-pahaizana mahakasika ny fiovan'ny toetrandro sy ny akon'izany amin'ny harin –karena faobe izay nanintona ny tontolo politika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Ankehitriny dia misy isan-karazany ny ireo famatsiana mahakasika ny fiovan'ny toetrandro. Tsikaritra anefa fa sarotra ho an'ny mpikamban'ny fiarahamonimpirenena ny mahafantatra sy ny manararaotra ny fisian'ireo. Ny tanjon'ny torolalana dia ny manoro sy ny manamora ny fahazahoan'ny firaisamonimpirenena ny mombamomba ireo tahirimbola iraisam-pirenena tahaky ny « Fonds Vert pour le Climat », ny tahirimbola miroalafy (« fonds bilatéraux ») ary ny tahirimbola nasionaly (« Fonds nationaux »).

2) Famaritana ny famatsiana momba ny fiovan'ny toetrandro

« Ny famatsiana ny fiovan'ny toetrandro dia mikendry ny fihenan'ny etona, ny fanamafisana ny vovon'ny etona mangeja hafanana, ny fihenan'ny faharefoana ; ny fitazomana sy ny fampitomboana ny tsangin'ny olona sy ny ekôlôjia manoloana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro. »
Standing Committee on Finance

Toetoetrany hafa araky ny CCNUCC :

- Vatsian'ny firenena mandroso ;
- Omena ny firenena an-dalam-pandrosoana mpikambana, indrindra indrindra ireo vondrona faran'izay marefo ;
- Mifandanja eo amin'ny fifampizarana fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro (« adaptation ») sy fampihenana ny fiovan'ny toetrandro (« atténuation ») ;
- Ampiasaina ao anatin'ny fangaraharahana ;
- Mitombo (« accru »), mihavao (« nouveau ») sy mifanampy (« additionnel »), azo vinaina (« prévisible ») sy sahaza (« adéquat »).

3) Toe-draharaha ankapobeny

Na dia nitombo aza ny tetibola hamatsiana ny fiovan'ny toetrandro dia tsikaritra fa tsy ampy famatsiana ny fiatrehana. Ilaina kanefa ny famatsiana ny fiatrehana ho an'ny firenena andalam-pandrosoana izay miha marefo no tsy ampy fampitaovana sy fahaiza manao manoloana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro. Climate Finance Update (2017b) dia manombana fa eo amin'ny 25% an'ny famatsiana nanomboka tamin'ny 2003 no natokana ho an'ny tetikasa misahana ny fiatrehana izay midika fa 75% an'ny famatsiana dia mikany amin'ny fampihenana. 42% an'ny famatsiana misahana ny fiatrehana dia nomena ny Afrika Atsimo izay misy an'i Madagasikara.



Loharano : Climate Finance Update, 2017a

I Madagasikara izay tafiditra ao anatin'ny firenena farak'izay mahantra indrindra aty Afrika dia efa nisitraka 100 tapitrisa USD (fiatrehana sy fampihenana) (Climate Finance Update, 2017a).

Ny tanjon'ny CCNUCC ara-bola mahakasika ny famatsiana ny fiovan'ny toetrandro dia 100 lavitrisa USD isan-taona manomboka amin'ny 2020.

4) Sakana ho an'ny fiarahamonimpirenena

Ny Institute for Environment and Development (IIED, 2016) dia manombana fa tamin'ny 203-2015 dia 11% an'ny tetibola hamatsiana ny fiovan'ny toetrandro, na 1,6 lavitrisa USD, no nampiasaina teny ifotony. Ny tsikera nataon'ny IIED dia manipy hevitra fa ny antony mahatonga izany dia nohon'ny anona isan-karazany. Ny paikady fampiasana ireo tetibola momba ny fiovan'ny toetrandro dia manome vahana kokoa ny vokatra azo tsapain-tanana amin'ny sehatra midadasika. Fanampin'izany, ireo mpanelanelana mitantana famatsiam-bola mahazatra (ohatra hoe ireo banky misahana ny fivoarana) dia tsy mikitika ireo tetikasa madinika izay lafo ny saran'ny fampiraharahana aminy. Ny fanohanana ny fahaiza-manao eny ifotony koa anefa dia tsy ampy. Farany, betsaka ireo fitakiana apetraky ny famatsiana ikambanana izay manembatsembana ny fanasahazan'ny rafitra eny ifotony sy ny fampiharana mitavozavoza ireo politika andraisan'ny Fokonolona anjara eny ifotony.

Ny antony hafa tsy hahatongavan'ny famatsiana eny ifotony dia ny tsy fahazahoan'ny firaisamonimpirenena famatsiana. Aksi!, Both Ends et The Samdhana Institute (2016) dia nahatsikaritra tsy fifandajana mibaribary eo amin'ny fanomezana alalana avy amin'ny fikambanana iraisampirenena lehibe manoloana ny rafitra eo anivon'ny firenena na ireo ambaniny ao anatin'ny Fonds Vert pour le Climat. Ireo fikambanana eny ifotony dia tsy voasolo tena matetika. Hatreto, eo amin'ireo mpandray anjara 33 ankatoavana dia 5 ihany no ONG miasa eny ifotony na eo amin'ny sehatra rezionaly. Io tsy fifandanjana io dia vokatry ny fahasarotan'ny fombafomba ahazahoana fankatoavana. Ireo fitsipika tsy maintsy arahana dia maro sosona ary midadasika arakaraky ny angeza sy ny kinangan'ny fikambanana iray. Ny sokajin'ny famatisana kely indrindra dia mahatakatra hatramin'ny 10 tapitrisa USD. Izany dia midika fa ireo fikambanana eny ifotony dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo fitsipika mifehy ny ara-bola an'ireo fikambanana efa zatra mitantana teti-bola 10 tapitrisa USD na mihoatra. Izany dia tsy manome vahana ireo fikambanana eny ifotony. Ireo fikambanana iraisam-pirenena lehibe (na ara-panjakana na tsia) dia manana tombony ihany koa : ireo efa nahazo fankatoavana manoloana ireo Tahirimbola sahaza (ohatra ny Fonds pour l'adaptation na ny FEM) dia afaka mampiasa fombafomba manafaingana ny fahazahoana fankatoavana. Farany, nohon'ny isa voafetran'ireo fikambanana omena fankatoavana mandritry ny fivoriana dia manjary lasa lava dia lava ny isan'ireo fikambanana miandry fankatoavana.

5) Torolalana momba ny fandraisana anjara

Na dia misy aza ireo sakana ireo dia misy fahafahana sy fanararaotra ho an'ny fiarahamonimpirenena mahazo famatsiana. Na dia tsy afaka misitraka mivantana ireo tahirimbola iraisampirenena aza izy, afaka ataon'ny fikambanana mivondrona ao anatin'ny fiarahamonimpirenena ny miara-miasa amin'ny mpiara miombona antoka izay afaka misitraka ireo tahirimbola ireo na koa mametraka tetik'asa amin'ny tahirimbola miroalafy na nasionaly.

Mialohan'ny anombohana izany anefa misy fanontaniana sasantsasany mila apetraka :

- Inona avy ireo Tahirimbola afaka sitrahantsika mifanentana amin'ny halehiben'ny fikambanantsika ?
- Inona avy ireo fitsipika sy fombafomba arahana ?
- Inona ny traikefantsika amin'ny fitantanana tetikasa sy tahirimbola ?
- Ananantsika ve ny fampitaovana ara-tekinika sy ny olona manam-pahaizana ary ny enti-manana amin'ny fikarakarana sy ny fanatanterahana ?
- Iza ireo mpiara-miasa afaka hanampy antsika ? Miaraka amin'iza isika no afaka manatanteraka ilay tetikasa ?

6) Ireo Tahirimbola misy

Tahirimbola iraisampirenena

Ireo Tahirimbola iraisampirenena dia vatsian'ny fanjakana maromaro ary tantanan'ny Fikambanana Iraisampirenena tahaka ny Banky misahana ny fivoarana na ny sampan'ny Firenena Mikambana.

- **Fonds Verts pour le Climat (FVC, Green Climate Fund)**
  - Napetraka tamin'ny 2015
  - Adidy : « Nohon'ny fahamaikana sy ny loza ateraky ny fiovan'ny toetrandro dia tanjon'ny tahirimbola ny mamatsy ny ezaka manerantany mba hanatratrarana ireo tanjona napetraky ny firaisamonimpirenena mba hiadiana amin'ny fiovan'ny toetrandro. »
  - 50 :50 fifandanjan'ny fiatrehana sy fampihenana.
  - Fara faha-keliny 50% an'ny famatsiana momba ny fiatrehana ho an'ny firenena marefo ahitana ireo firenena faran'izay mahantra indrindra, ny PEID sy ny Afrika.
  - 10,3 lavitrisa USD nampanantenaina, 4,6 lavitrisa USD nofaritana ho ampiasaina, 1,8 lavitrisa USD efa lany (janoary 2019)
  - Portfolio : tetikasa 93 ahitana mpisitraka miisa 272 tapitrisa ; 1,4 lavitrisa taonina ny CO2 voasoroka ny famokarana azy (janoary 2019)
  - Firenena afaka misitraka azy : firenena andalam-pandrosoana, mpikambana anatin'ny CCNUCC
  - Halehiben'ny tetikasa
    - Micro : hatramin'ny 10 tapitrisa USD
    - Kely : 10 ka hatramin'ny 50 tapitrisa USD
    - Antonony : 50 ka hatramin'ny 250 tapitrisa USD
    - Lehibe : mihoatran'ny 250 tapitrisa USD
  - Fisitrahana mivantana amin'ny alalan'ny sampanana mpanatanteraka, **tsy misy sampanana eto Madagasikara**
  - Fisitrahana iraisampirenena amin'ny alalan'ny fikambanana rezionaly na iraisampirenena : GIZ, WWF, AFD, BAD
  - Manam-pahefana eo amin'ny sehatra nasionaly / « point focal » : talen'ny BNCCC

Ohatra : Projet Paysages Durables dans l'Est de Madagascar notontonsain'ny Conservation International sy European Investmen Bank (EIB) (Tetikasa ho an'ny faritra midadasika any Atsinanan'i Madagasikara tontosain'ny Conservation International sy European Investment Bank)

- *Tetibola : 69,8 tapitrisa USD ka 53.5 tapitrisa USD ny famatsiana avy amin'ny FVC*
- *Fe-potoana : 2017-2027*
- *Mpisitraka : 1 562 000*
- *Manena 10 tapitrisa taonina ny famokarana CO2*
- *Tanjona : mampitombo ny fanoheran'ny tantsaha, mampihena ny famokarana etona mangeja hafanana sy mampivondrona ny famatsiana avy amin'ny sehatra tsy miankina makany amin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fambolena ary ny angovo azo havaozina.*
- *Famoronana tahirimbola ho an'ny toetrandro eo amin'ny sehatra nasionaly*

Fanazavana fanampiny : https://www.greenclimate.fund/projects/fp026

- **Fonds d'Adaptation (FA, Adaptation Fund)**
  - Napetraka tamin'ny 2009
  - Adidy : « Noforonina ny « Fonds d'adaptation » mba hamatsiana tetikasa sy programa mitombina mahakasika ny fiatrehana any amin'ny firenena andalam-pandrosoana ao anatin'ny Toantsoratra tany Kyoto ary tena marefo manoloana ny fiovan'ny toetrandro ».
  - 532 tapitrisa USD nalefa tamina tetikasa 80 mahakasika ny fiatrehana ary 5,8 tapitrisa ny nahazo tombontsoa taminy (janoary 2019)
  - Firenena afaka misitraka azy : firenena andalam-pandrosoana, mpikambana amin'ny Protocole de Kyoto, firenena tena marefo manoloana ny fiovan'ny toetrandro
  - Halehiben'ny tetikasa
    - Tetikasa kely : hatramin'ny 1 tapitrisa USD
    - Tetikasa lehibe : mihoatry ny 1 tapitrisa USD
  - Fisitrahana mivantana amin'ny alalan'ny sampanana nasionaly mpanatanteraka, **tsy misy sampana eto Madagasikara**
  - Fisitrahana eo amin'ny sehatra rezionaly sy iraisampirenena amin'ny alalan'ny sampanana rezionaly na iraisampirenena tahaka ny PNUD, PAM, BM, BAD
  - Manam-pahefana notendrena teto Madagasikara : « Chef du Service d'Adaptation », BNCCC

Ohatra : Promouvoir la résilience climatique du secteur riz à travers des investissements pilotes dans la région Alaotra-Mangoro notontonsain'ny UNEP (« Fampivoarana ny fahafaha-miatrika ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny sehatra ara-bary amin'ny alalan'ny fampiasam-bola ao amin'ny faritra Alaotra Mangoro izay tanterahin'ny UNEP)

- *Tetibola : 5 104 925 USD*
- *Fe-potoana : 2012-2017*
- *Tanjona : mampitombo ny famokarana vary mahazaka ny fiovan'ny toetrandro, faharetan'ny tontolo iainana sy fitomboan'ny asan'ny ekôlojia mifanandrify amin'ny famokaram-bary*
  - *Singa voalohany : fahaiza-manao siantifika sy tekinika*

- *Singa faharoa : tsingerina famokaram-bary nohavaozina sy maharitra*
- *Singa fahatelo : fiovana politika*

Fanazavana fanampiny : https://www.adaptation-fund.org/project/madagascar-promoting-climate-resilience-in-the-rice-sector/

- **Fonds pour les Pays les Moins Avancés (FPMA, Least Developed Country Fund), FEM**
  - Napetraka tamin'ny 2001
  - Adidy : manampy ireo firenena faran'izay mahantra indrindra amin'ny ezaka manoloana ny fiatrehana indrindra indrindra ny PANA
  - 1,16 lavitrisa USD manodidina tetikasa 250 ao amin'ny PMA 51

- **Fonds Spécial pour les Changements Climatiques (FSCC, Special Climate Change Fund), FEM**
  - Napetraka tamin'ny 2001
  - Tahirimbola mifameno amin'ny FPMA, ohatra hoe famatsiana ny fandroso (« processus ») PNA ao amin'ny firenena tsy voasokajy PMA.
  - 350 tapitrisa USD manoloana tetikasa 77 anatin'ny firenena 75 (2017)
  - Vondrona kendreny : ireo firenena rehetra andalam-pandrosoana marefo
  - Sehatra sahaniny : fiatrehana sy famindrana haitao

- **Programme Pilote pour la Résilience Climatique (PPRC, Pilot Programm for Climate Resilience)**
  - Napetraka tamin'ny 2008
  - Adidy : manampy ny fanjakana hampiditra ny fanoherana ny fiovan'ny toetrandro ao anatin'ny fandrafetena drafitr'asa momba ny fivoarana.
  - Mitotaly 1,2 lavitrisa USD, 974 tapitrisa efa nolaniana tamin'ny tetikasa 58 ary 2,8 tapitrisa ireo nahita tombontsoa
  - Vondrona kendreny : firenena 28 izay ahitana an'i Madagasikara
  - « Point focal » : Talen'ny CPGU sy filohan'ny komity nasionaly an'ny ICZM, « Cellule de Prévention et Gestions des Urgences, CPGU »

- **Programme d'Adaptation de l'Agriculture Paysanne (ASAP, Adaptation for Smallholder Agriculture Programme), FIDA**
  - Napetraka tamin'ny 2012
  - Adidy : canaliser ny famatsiana momba ny fiovan'ny toetrandro sy ny tontolo iainana any amin'ny mpamboly madinika.
  - 300 tapitrisa USD sy 8 tapitrisa ny mpamboly madinika ao anatin'ny firenena 43 (2019)
  - Famatsiana mifamatotra amin'ny fampiasam-bolan'ny FIDA tanterahin'ny andrim-panjakana, tsy afaka mametraka antontan-taratasy ny firaisamonimpirenena

Ohatra : Projet d'Appui au Développement du Melaky et du Menabe – Phase II (AD2M-II), notontonsain'ny Ministeran'ny Fambolena (Tetikasa fanohanana ny fampandrosoana ao Melaky sy Menabe – Andiany faharoa (AD2M-II)

- *Tetibola : 56,8 tapitrisa USD (vola nampindramin'ny FIDA : 34,4 tapitrisa USD, fanampiana avy amin'ny FIDA : 6 tapitrisa USD, OFID : 7,5 tapitrisa USD, Fanjakana malagasy : 7,7 tapitrisa USD, mpisitraka : 1,2 tapitrisa USD)*
- *Fe-potoana : 2015-2022*
- *Mpisitraka : 342 000*
- *Tanjona : fanatsarana maharitra ny fampidiram-bola sy ny fanajariana ara-tsakafo any amin'ny toeram-pamokarana eny Menabe sy Melakys*
    - *Singa voalohany : fanatsarana ny famokarana mba hiatrehany ny fiovan'ny toetrandro*
    - *Singa faharoa : fanampiana amin'ny fahitana lalam-barotra sy fanararaotana hafa*



Loharano : Climate Finance Update, 2017b

- **Fonds pour les Changements Climatiques en Afrique (FCCA, Africa Climate Change Fund), BAD**
    - Napetraka tamin'ny 2014
    - Adidy : manampy ireo firenena aty Afrika hizotra makany amin'ny fivoarana mahatohitra ny fiovan'ny toetrandro sy kely famokarana karbônina
    - Portfolio : 11,425 tapitrisa EUR (2017)
    - Vondrona kendreny : fitondram-panjakana afrikanina, ONG, tahirimbola, sampanana misahana ny fikarohana sy ireo andrim-panjakana mijoro eo amin'ny sehatra rezionaly aty Afrika.
    - Lohahevitra roa : 1) ezaka fisantarana momba ny fiatrehana : ezaka kely na ezaka filamatra 2) fisitrahana ny famatsiana mahakasika ny fivoaran'ny toetrandro (famokarana tetikasa FVC na fisoratana FVC)
    - Tetibola kely indrindra : 250 000 EUR
    - Mihoatry ny enti-manana eo ampelatanana ny fangatahana
    - Mbola tsy manana tetikasa eto Madagasikara

- **GEF – Small Grants Programme (SGP) à Madagascar**
    - Napetraka tamin'ny 2004

- Adidy : fanampiana ara-tekinika sy ara-bola mba hitandroana ny tontolo iainana sy hampitomboana ny fari-piainan'ny olona eny ifotony
- 5 222 890 USD mifampizara amina tetikasa 235 (2019)
- Sehatra : biôdiversite, fiovan'ny toetrandro (fiatrehana sy fampihenana), fahasimban'ny nofontany, fitantanana maharitra ny ala, rano iraisam-pirenena, fandotoana simika.
- Famatsiana hatramin'ny 50 000 EUR
- Vondrona kendreny : vondron'olona ifotony, fikambanan'ny olona eny ifotony, ONG

Tahirimbola miroalafy

Ireo tahirimbola miroalafy dia avy amin'ny mpamatsy vola misolo tena firenena iray

- **Fonds Français pour l'Environnement Mondial - Programme de Petites Initiatives (PPI)**
  - Adidy : programa anampiana ny firaisamonimpirenena afrikanina amin'ny alalan'ny famatsiana tetikasa madinika hiarovana ny biôdiversite sy ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro izay vatsian'ny « coopération française »
  - Famatsiana latsaky ny 50 000 EUR omena ny ONG
  - Laharam-pahamehana :
    - Fiarovana ny zava manan'aina tandindomin-doza
    - Ady amin'ny fihazana an-tsokosoko
    - Famahana ny ady ifanaovana momba ny olona-biby
    - Fiarovana ny firaisan-tontoloiainana
    - Famoronana-fitantanana faritra arovana
    - Fitrandrahana maharitra ny harena voajanahary sy fivoarana eo amin'ny lafiny sosialy sy harin-karena
    - Ady amin'ny fiovan'ny toetrandro
    - Fanabeazana momba ny tontolo iainana

- **Fonds Canadien d'Initiatives Locales**
  - Adidy : fanampiana ireo tetikasa madinika manana akony lehibe ho an'ny firenena andalam-pandrosoana izay mifanaraka amin'ny sehatra hiasan'ny fanampiana iraisampirenena omen'ny fanjakan'ny Kanadà.
  - Laharam-pahamehana :
    - Fitovian'ny lahy sy ny vavy
    - Fifampitondrana mampiditra ny rehetra
    - Hasina maha-olona
    - Tontolo iainana sy hetsika mahakasika ny fiovan'ny toetrandro
  - Mpisitraka :
    - ONG eny ifotony
    - Toeram-pianarana
    - Fikambanana iraisampirenena na rezionaly
    - Andrim-panjakana
    - ONG kanadianina
  - Tetikasa eo anelanelan'ny 10 000 ka hatramin'ny 25 000 CAD
  - Fe-potoana : 9 volana ka hatramin'ny 2 taona

- **Norway's Climate and Forest Funding for Civil Society**
    - Adidy : ny fanjakana Norveziana dia manohana ny ezaka fampiadanana, fanenana ary fanafoanana ny etona mampiboaka hafanana vokatry ny tetiala sy fanimbana ala any amin'ny firenena andalam-pandrosoana (REDD+). Ny fiarahamonimpirenena dia raisina tahaky ny mpandray anjara fototra amin'ny fampielezana sy ny fampiharana ny REDD+.
    - Portfolio 2016-2020 : 300 tapitrisa NOK isan-taona avy amin'ny alalan'ny fikambanana 39 miparitaka amin'ny firenena 11. **Tsy misy fikambanana eto Madagasikara**.
    - Maharitra ela ny fanampiana fa hifaninanana be : 500 ny mametraka antontan-taratasy fandraisana anjara kanefa 39 no omena toerana !
    - Sehatra sahaniny :
        - Ezaka mitodika any amin'ny sehatra tsy miankina
        - Fifampiraharahana iraisampirenena momba ny fiovan'ny toetrandro
        - Zo fototry ny olona eny ifotony
        - Ady amin'ny fandikan-dalàna sy ny kolikoly mahakasina ny fitrandrahana ala.

Tahirimbola misy eo amin'ny sehatra nasionaly

- **Fondation Tany Meva**
    - Adidy : famatsiana maharitra ny tetikasam-pokonolona mahakasika ny tontolo iainana
    - Sehatra sahaniny :
        - Fiovan'ny toetrandro : fambolen-kazo, fanarenana atiala, angovo ekôlojika, REDD
        - Fitantanana maharitra ny harena voajanahary
        - Fanabeazana momba ny tontolo iainana sy fampiharana azy
        - Fahaiza-mamorona mahakasika ny tontolo iainana
    - Vondrona kendreny
        - Vondron'olona ifotony
        - Orinasam-pokonolona
        - Sekoly sy Oniversite
        - Fikambanana misolo tena Fokonolona
        - Fikambanana manome fanampiana ny Fokonolona
        - Orinasa mifantoka amin'ny resaka tontolo iainana
    - Karazana famatsiana :
        - Famatsiana tetikasa
        - Tahirimbola fifamenoana
        - Famatsiana maharitra eny ifotony
        - Vatsim-pianarana
        - Loka ho an'ny fahaiza-mamorona mahakasika ny tontolo iainana

- **Fondation pour les Aires Protégées et la Biodiversité de Madagascar**
    - Adidy : mandray anjara amin'ny fivorana maharitra sy mifototra amin'ny maha olona amin'ny alalan'ny fitantanana maharitra ny biôdiversite amin'ny alalan'ny famatsiana maharitra ny « Système des Aires Protégées de Madagascar » (SAPM)

- Famatsiana natokana ho an’ny faritra arovana nankatoavin’ny Ministera misahana ny tontolo iainana
- Mari-pitsarana :
  - Porofon’ny fisian’ny biôdiversite sy ny harena ao anatiny
  - Fisian’ny loza manambana ny faritra arovana
  - Fananana sata eken’ny rafitra iraisam-pirenena
  - Fananana traikefa
  - Fananana filana angatahana famatsiana

Tranonkala afaka hahazahoana vaovao sy fanofanana momba ny famatsiana ny fiovan’ny toetrandro :

- https://climatefundsupdate.org/
- https://www.germanclimatefinance.de/
- https://www.adaptationcommunity.net/fr/
- https://clifit.org/

Soratra nanovozan-kevitra

ACCF, 2018, Supporting African Countries to Access International Climate Finance : Enabling a Transition Towards Climate Resilient, Low-Carbon Development

Aksi!, Both Ends, The Samdhana Institute, 2016, The Green Climate Fund: A CSO guide for engagment and local access

ASAP, 2016, Madagascar : Project to Support Development in the Menabe and Melaky Region – Phase II (AD2M-II)

Climate Funds Update, 2017a, Note régionale sur le financement climatique : Afrique subsaharienne

Climate Funds Update, 2017b, Note thématique sur le financement climatique : le financement de l'adaptation

Climate Funds Update, 2017, The Global Climate Finance Architecture

ECI, 2017, Formation sur la finance climat au profit des acteurs du secteur privé marocain, Session 1 : Introduction à la finance climat

IIED, 2016, Six steps to local climate finance

PPCR, Climate Resilience : Championing Big Ambitions